



FIOMBONAN'NY FIANGONANA KRISTIANINA ETO MADAGASIKARA - FFKM
Conseil Chrétien des Eglises à Madagascar - Christian Council of Churches in Madagascar

NY KOMITY FOIBE

Le Comité Central - The Central Committee

Vohipiraisana Ambohijatovo
BP 798 Antananarivo 101
Tél : 26 234 33
e-mail : ffkmfoibe@gmail.com
Madagascar

CCP N°208.73
BNI-CL Analakely
01 59558 7 020 0 00
Antananarivo 101
Madagascar

HAFATRA PENTEKOSTA HO AN'NY KRISTIANA SY NY VAHOAKA MALAGASY

"Fa Ilay Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, izay hirahin'ny Ray noho ny anarako, no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra nolazaiko taminareo" (Jôhany 14:26)

Ry havana,

Ho aminareo anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andrimanitra Ray, Zanaka ary Fanahy Masina.

Miarahaba antsika rehetra tratry ny Pentekosta 2014, izay vanim-potoana hahatsiarovana ny nahatongavan'ny Fanahy masina tamin'ireo mpianatra very fanahy nilaozan'ny Tompony. Ny Pentekosta dia mitondra hafatra sy fahamarinana vitsivitsy izay tsara ho tsiahivintsika amin'izao vanim-potoana izao:

- *tsy mandao antsika Andrimanitra ka nisafidy ny hitoetra ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahiny.
- *mahalala ny sentom-pontsika Andrimanitra ka mampionona antsika amin'ny alalan'ny Fanahiny
- *mandrisika antsika hiaina ny fahamarinan'ny tenin'Andrimanitra ny Fanahiny mba hahafanasina sy fahazavana antsika hatrany.
- *manangana antsika avy amin'izay mety ho endriky ny fahafatesana rehetra ny Fanahy Masina.

Noho ireo fahamarinana entin'ny Pentekosta ireo no anaovanay Filoham-piangonana efatra mirahalaha izao hafatra izao:

Miombona alahelo amin'ireo mpiray tanindrazana any amin'ny faritra samihafa eto amin'ny Nosy ny FFKM, noho ireo aina nafoy marobe noho ny hetraketraky ny ratsy fanahy izay manao tsinontsinona ny aina. Na inona na inona mety ho antony mahatonga ny fifamonoanana any, na koa ireo halatra miaro herisetra sy vonoan'olona izay toa miha-mahazo vahana, na an-tanan-dehibe na any ambanivohitra; ny FFKM dia mampahatsiaro ny mpiray tanindrazana manontolo ny maha-ambony indrindra ny olombelona mihoatra noho ny zava-drehetra. Avy amin'Andriamanitra ny aina ka tsy maintsy hajaina araka izany" (Jeremia 2:13). Ny tsy fanekena izany no mahatonga ny fiaraha-monina hilona ao anatin'ny endri-pahafatesana maro.

Io famonoana ny hafa io dia mety miseho amin'ny endriny maro samihafa amin'ny alalan'ny lainga, ny fanodinkodinana ny marina ka mahatonga ny olona ho faty ara-panahy (I Tes 5:19). Ireny no fositra mikiky tsikelikely ny fiaraha-monina ka mamparefo azy. Ny fitiavan-karena mihoa-pampana ihany koa dia sady mamono ny tena no mamono ny hafa., mampikipy sy mampihirim-belona eo anoloan'ny fahantran'ny sarambabem-bahoaka.